# “Izay manambady tsy nahazo alàlana avy amin’ny mpitaiza azy, dia tsy manan-kery ny fanambadiany - in-telo - ary raha nanao firaisana izy, dia azy ny vodiondry na inona na inona nitranga, ary raha mifanditra izy ireo dia ny manampahefana no mpiahy an’ireo izay tsy manana mpiahy

Tatitra azo avy amin'i Aicha (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay manambady tsy nahazo alàlana avy amin’ny mpitaiza azy, dia tsy manan-kery ny fanambadiany - in-telo - ary raha nanao firaisana izy, dia azy ny vodiondry na inona na inona nitranga, ary raha mifanditra izy ireo dia ny manampahefana no mpiahy an’ireo izay tsy manana mpiahy.

[Mari-pototra] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì, Ibn Màjah ary Ahmad]

Nampitandrina ny Mpaminany (S.A.W) momba ny vehivavy manambady tsy nahazo alàlana avy amin'ny mpitaiza azy, ary tsy manan-kery ny fanambadiany, ary naveriny in-telo izany, toy ny hoe tsy nisy izany. Raha nanao firaisana taminy tsy nahazoan-dàlana tamin’ny mpitaiza azy ilay nanambady azy; Ny vodiondry feno dia azony noho ny nanjo azy tamin’ny firaisana ara-nofo nataony. Avy eo, raha mifanditra ny mpiambina ny fifanarahana - ary mitovy ny laharan'izy ireo - dia ho an'izay nialoha izany ny fifanekena raha toa ka mandà ny hanambady ilay mpitaiza, toy ny tsy manana mpiahy izy. Dia ny manampahefana no mpiahy azy, eo anivon'ny mpitsara sy ny toy izany, raha tsy izany dia tsy manana fahefana ho mpiahy ny manampahefana eo anatrehan'ny mpitaiza azy.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee